RAHARAHAM-PIRENENA

# Merci Prezidà hono e !

Teny vahiny midika hoe misaotra ny « merci », mahazo ny heviny avokoa ny malagasy rehetra ary efa samy kinga daholo amin'ny fampiasana io « merci » io.

Fa ny tsy azo hamaivanina dia ny lafiny ara-pinoana, satria ny vavaka tena izy dia tsy maintsy misy ny fisaorana « ilay telo izay iray», ka izany indrindra no itondrana ny fanamarihana etoana, satria nomena vahana nandritra ny fitondrana Rajoelina ny andian-teny hoe : « merci prezidà », ka ilay isaorana amin'io dia sokajiana ho zanahary kely mihitsy, ka na tsy izy aza no nahazoana ny fahombiazana dia ny anarany no tanisaina.

Mbola samy mahatadidy isika ny fahombiazana azon'ny Barea tamin'ny taon-dasa, ekena fa nisy ny anjara biriky nentin'ny fitondrana ary adidiny izany, satria izay ny maha mpitondra azy, marihana ihany koa anefa, fa ny fitondrana Rajaonarimampianina koa dia nanao ny ainy tsy ho zavatra ka nahatafita ny Barea, ny marina dia namantam-bonona ny fitondrana ankehitriny, kanefa dia disoana tanteraka ilay serasera amin'ny alalan'ny fivoizana ny hoe « merci prezidà », ohatran'ny hoe niakatra teny ambony kianja nandaka baolina ilay prezidà.

Tsy izay ihany fa amin'ny lafiny maro, vao nahazo vahana ny aretina « koronaviriosy » tany ivelany tany, dia nanambara ny mpitondra fa tsy ilaina ny manidy ny sisintany dia injay ilay feo nanao hoe : « merci prezidà », kinanjo nony tafiditra teto amintsika ny valanaretina vokatry ny fitavozavozan'ny fitondrana, izay voatery tsy maintsy nandray fanapahan-kevitra nanidy ny sisintany dia mbola velona ihany ny hoe : « merci prezidà », nefa efa tara loatra.

Ireny niaraha-nahita ireny ny lesoka isan-karazany tamin'ny fitantanana ny ady amin'ny valanaretina, ny tsy fisian'ny mangarahara amin'ny fampiasana ireo fanampiana avy any ivelany, dia mbola natao litania ihany ny hoe : « merci prezidà » kanefa aleo dia tsorina ny marina fa ny fanampiana avy any ivelany dia natolotra ny fitondrana amin'ny anaran'ny vahoaka malagasy, izany hoe ny anaran'ny vahoaka malagasy no nenti-nangataka tany ivelany, kinanjo nony hizara ny ampahany kely tamin'izay azo dia dradradradraina, fa fanomezana avy amin'ny filoha ka « merci prezida » no ventesina, na vola notrosaina aza izany, ka ny vahoaka Mqalagasy iray manontolo no hibaby azy.

Itondrana fanazavana misimisy ny mikasika ny fiparitahan'ny valanaretina, satria manana ny ampahany be dia be tamin' izany ny tsy fahaiza-mitantana avy amin'ny fitondrana, anisan' izany ny famoriambahoaka tsy amim-piheverana, izay niteraka ny fifindrana ary Ingahy Filoha tsy afa-miala amin'izany, ny mampiomehy moa dia ny fanadiovantena nataony ka nanambarany, fa ny famoriambahoaka mihiboka hono no tsy mety, mifanohitra tanteraka amin'ny nambaran'ny Pr Vololontiana Hanta MD ny nambarany, kanefa dia mbola mahazo sitraka ny filoha amin'ny hoe : « merci prezidà », na dia mandika ny lalàna misy azy izy mahakasika ity hamehana ara-pahasalamana ity.

Mikasika ilay fanampiana tampimaso izay miova anarana isak'izay mandeha dia mibaribary ny zaravilana sy ny fijerentavan'olona kanefa dia mbola heno ny fandokafana amin'ny hoe : « merci prezidà ».

Momba ilay vola ampisamborin'ny Cnaps avy amin'ny volan'ny mpiasa sy ny mpampiasa avy amin'ny sehatra tsy miankina, izay voizina mafy fa fampindramambola tsy misy zana-bola hono,ka rariny raha miteny hoe : « merci prezidà», kanefa anie ny zanabola kajiana amin'ny vola nomena no tsy misy fa hita mibaribary ny fihenan'ny sandambola, io tsy mitsaha-mitontongana io ny ariary ary ny sondro-bidy vokatr'izany, dia miteraka ny fandoavana be noho ilay vola nomena.

Fa ny tena mampivarahontsana dia ny nanjo ireo teratany malagasy nihitsoka tany ivelany nandritra ny volana maromaro, izay aoka hazava hoy ilay mpanao politika iray izay, fa ny olompirenena dia mananjo hody amin'ny tanindrazany, porofon'izany ny fisian'ireny fiaramanidina avy any ivelany maka ireo teratany vahiny mbola nihitsoka teto, nataon'ireo mpitondra avy any amin'ireny firenena ireny ho laharampahamehana mihitsy ny fampodiana ireo mpiray tanindrazana aminy, fa ny antsika kosa dia navela hijaly volana maromaro tany ivelany ireo malagasy, nisy mihitsy aza ny namoy ny ainy, nandrasana hitalaho sy hitomany izy ireo ary nitaraina hoe : « vonjeo izahay prezida fa mijaly aty an-tanin'olona », dia mazava moa ny tohiny fa nampodiana ireo mpiray firenena amintsika dia niakatra ny feo nanao hoe : « merci prezidà ».

Ny mpitondra dia olomboafidy, noho izany dia natao hanompo ny vahoaka mpifidy ary ao anatin'ny fanetren-tena tanteraka no tokony hanaovany izany adidy masina izany. Tsikaritra anefa fa tamin'ny fitondrana ankehitriny dia natao diso tafahoatra loatra ny fanandratan-tena tamin'ny alalan'ny serasera, fa ny vahoaka malagasy akory tsy bado fa misaina sy mandinika fatratra na tsy miloa-bava aza, anisan'ny tsy eken'ny sain'ny malagasy ny fizahozahoana tsy amin'antony satria sady mivavaka amin'Andriamanitra « ilay telo izay iray » ny malagasy, no mandala ny fahendrena navelan'ny razana ihany koa. Tsy maintsy mbola ho avy ny fotoana hampisehoan'ny vahoaka malagasy ny fahasahiany ary haneho izany amim-pitoniana sy amim-panajana izy, satria ny vady rehefa tsy tiana aza dia hisaorana, ary ny mpitondra koa rehefa nahafeno ny kapoaka nampisotroin' ireo vahoaka ireo dia omena ny fisaorana sahaza azy, amin'izay fotoana izay dia hiova ny hevitr'ilay hoe : « merci prezidà», ny dikany amin' izay dia hoe bye bye prezidà fa efa tsy izy intsony ianao !

***Ny Valosoa***

## Mazotoa mihira

Hiova kely isika amin'ity ka hiran'olon-tokana indray no atolotra anao, ho anao te hitory fitiavana kanefa somary miahotra, hirao ity hira ity fa hanampy anao.



### TSY SAHIKO
**Salomon**

Tsy sahiko, ny hilaza izay kasaiko
Manjary, ny miteny aza toa tsy haiko
Rehefa tafaraka mitokana eny isika
Misalasala aho, finaritra mijery anao sariaka.

Manahy aho sao lasa vazivazy
Izay teny ataoko
Ka manjary ho simba ho azy
Dia fihiniko ny faniriana
Niaretam-piafiako mangina.

Hitanao anefa fa tsy miery
Ny masoko mijery
Mifanena tsy nahy aminao
Izay hitako mandinika ahy
Fantatro, fantatro fa tia ahy ianao
Fantatrao, fantatrao fa tiako ianao

***Mpihira : Salomon***
***Mpamorona: Naly Rakotofiringa***

## Sakafo Ny Valosoa



Totonkena sy tsaramaso mena indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany, azo atao ridritra izany, azo atao ketsaketsa asiana saosy koa miaraka aminy. Dia matoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Ny soa azo avy amin'ny persil, ny voasarimakirana ary ny celeri

Ny soa azo ara-pahasalamana avy amin'ny persil, ny voasarimakirana ary ny celeri indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny persil, ny voasarimakirana ary ny celery dia fanafody natoraly fanadiovana ny voa (rein), nhy rà ary ny havokavoka. Fomba fikarakarana azy : alaina ny persil sy ny voasarimakirana ary ny céleri dia tetehina madinika avokoa ary atao anaty vilany na casserole efa madio tsara. Rehefa vita izay dia tapohina rano 3 litatra ary ampangotrahana mandritra ny 30 minitra eo ho eo, izay vao azo ampiasaina.

Fomba fampiasana azy : sotroina indray kaopy isaky ny maraina mandritra ny iray volana izany.



## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'i Bemanevika any amin'ny distrikan'i Sambava, faritra Sava

Ny tanànan'i Bemanevika any amin'ny distrikan'i Sambava, faritra Sava indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Bemanevika ity tanàna ity. Iva toerana izy satria 10 m eo ny haavony miohatra amin'ny ranomasina, izany hoe manakaiky ranomasina ity tanàna ity. Andalovan'ny reniranon'i Bemarivo koa izany tanàna izy. Toy ireo kaominina maro ao amin'ny distrikan'i Sambava, vokatra any an-toerana ny voly fanondrana lavanila.

